


Tsy Mihozongozona

Aoka hohazonintsika mafy ny fiaikentsika tsy amim-pihozongozonana.



Manambara ny Tenin'Andriamanitra Dries Du Plessis Derek Prince

Ao amin'ny Hebreo 3:1, dia anarina isika mba hanao ny fiekena marina. Avy eo, ao amin’ny Hebreo 4:14, dia asaina isika mba ‘hihazona ilay efa nekentsika.’. Rehefa miantso an’i Jesosy ho Mpisoronabentsika ny Baiboly, dia fantatsika avy hatrany fa ny fiekena no mahatonga ny Fanompoany ho antsika.

Raha mihazona mafy ny fiekena isika, dia tsy tokony hanova izay nolazaintsika. Tsy maintsy ataontsika hifanaraka amin’izay lazain’ny Tenin’Andriamanitra ny teny aloaky ny vavantsika. Ao amin’ny Hebreo 10:23, ilay dingana hodinihintsika ankehitriny dia milaza hoe: “Aoka hohazonintsika mafy ny fanekena ny fanantenana mba tsy hihozongozonany.” Mariho izay nampiana: “tsy misy hihozongozonany.”

Raha mijery amin’ny alalan’ireo andalan-tsoratra masina Hebreo ireo isika araka ny filaharan'ny fisehoany, dia hitantsika fa, misy dingana telo misesy, raha ny amin'ny fiekena. Voalohany, manao ny fiekena isika; faharoa, nahavita izany isika, dia mihazona azy mafy tsy misy manova azy; ary, fahatelo, mihazona azy mafy tsy hihozongozona isika.

Nahoana no nampidirina ny “tsy hihozongozona”? Amiko, mifototra amin'ny lojika sy ny traikefa manokana, dia midika izany fa rehefa manao ny fiekena marina isika, dia hiatrika hery sy fanerena ratsy izay hanohitra antsika. Na dia nanao ny fiekena marina aza isika ary mihazona mafy izany, dia mety ho tonga ny fotoana izay toa mivadika manohitra antsika ny herin’i Satana sy ny herin’ny maizina rehetra. Ny fakam-panahy dia ny mamela ny fiekentsika. Fa hoy ny mpanoratra: “Aza avela! Hazony mafy — aza mihozongozona.” Arakaraky ny maha maizina ny toe-draharaha no maha lehibe kokoa ny olana, no vaomaika maha zava-dehibe kokoa ny mihazona mafy ny tsy hihozongozona.

Mahatoky Andriamanitra. Manolo-tena amin’ny Teniny Izy. Jesosy no Mpisoronabentsika. Raha mihazona mafy ny fiekena isika ka tsy hihozongozona, dia hanao ny Asany Izy amin’ny maha Mpisoronabe antsika Azy.

Misaotra Anao, Tompo ô, fa mahatoky Ianao — manome fanantenana ahy Ianao. Manambara aho fa manao ny

© 2008 - Dries Du Plessis

fiekeko aho, tsy manova izany, ary hihazona mafy ka tsy hihozongozona. Hihazona mafy ny fiekeko aho ka tsy hihozongozona,amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-324-MLG

Nohavaozina farany: 16 Nov 2026

Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

